International Institute of Christian Ministries

YRE 103

# NY OLAN'NY TANORA ANKEHITRINY

Nosoratan'i Ronald Henson Whitehead
Mpampianatra Mpanampy eo amin'ny asa fanompoana ho an'ny tanora
Oniversite Advantista, Berrien Springs Michigan

NY OLANA ARA-KOLOTSAINA MISY EO AMIN'NY TANORA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO

Fizahan-takila

I. Fampidirana
II. Fahasalamana / Fahononantena
III. Fialamboly / Haino aman-jery
IV. Olana ara-kolotsaina eo amin'ny tanora Advantista manokana
V. Iza no tena manana hery miasa mangina amin'ny lafiny soa toavina eo amin'ny tanora amin'izao fotoana izao?
VI. Ny zavatra tsara ataon'ny fiangonana advantista amin'ny tanora ankehitriny
VII. Inona avy ireo fihaikana eo amin'ny asa fanompoana atrehan'ny tanora amin'ny ho avy, eo anivon'ny Fiangonana Advantista?

Naoty: Mbola eo andalam-pampivelarana ity fandaharam-pampianarana ity ny mpanoratra. Raha mikasa hampiasa ity fampianarana ity ianao ka mila ny fanontanana nivoaka farany indrindra dia mifandraisa amin'i May-Ellen Colon any amin'ny Sekoly Sabatan'ny Foibe Maneran-tany sy ny Departemantan'ny Maha-olona, mba ahitana raha toa ka efa misy fanontana navaozina kokoa.

Fifandraisana aminy :
E-mail : colonm@gc.adventist.org
Telefaonina: 301-680-6164

## Toko I – Fampidirana

## Ny Tanjon'ny Fampianarana

Ity fandaharam-pampianarana ity dia hanampy ny mpampianatra Kristiana, ny pasitora, ary ny ray aman-dreny, ahatakatra tsara ny fihaikana amin'ny maha-tanoran'ny taonjato faha-21.

Ny mpampianatra ara-panahy mahay mifandray amin'ny tanora dia tsy maintsy manana fahalalana ankapobeny mahakasika ny olana misy eo amin'ny tanora sy ny fiantraikan'izy ireny amin'ny fitomboany ara-panahy, ara-tsosialy, ara-tsaina, ary ara-batana.

Ity fampianarana ity dia toa hanala anao amin'ny toerana manokana ahazoanao aina, kanefa kosa hanokatra ny masonao ahita ireo fihaikana sy ny fahasarotan'ny fitomboana ao anatin'ny taonjato faha-21.

Zavatra Takiana Amin'ny Mpianatra Mandritry ny Fianarana

1. Ny mpianatra tsirairay avy izay manaraka ity fampianarana ity dia tsy maintsy miroso amin'ny fiarahana manokana amin'i Jesosy Kristy, ary manana fanandramana eo amin'ny resaka fahalalana ny famonjena amin'ny alalan'ny fahasoavana.
2. Ny mpianatra tsirairay avy dia tsy maintsy mampiasa ity fianarana ity, mba ahatakarany ny fomba fiezahan' « ilay ratsy » manao izay hifanarahana sy hanimbana ny «tanorantsika». Ny zavatra voasoratra ato anatiny dia tsy natao ampiasaina ho kanota hanamelohana ny tanora. Izany hoe, fiezahana mamantatra sy manameloka ny fahotana fa kosa fitiavana ny mpanota. «Ny Dia Ho Eo Amin'i Kristy» nosoratan'i Ellen White, «Faith and Acceptance», t.54
3. Tsy maintsy manao fanadihadiana tanora 20 ny mpianatra tsirairay avy, ary mampiasa ireto fanontaniana manaraka

ireto. Tokony ho Kristiana mahafatrapo ny tanora 10, ary ny tanora 10 ambiny dia tokony avy amin'ny vahoaka ankapobeny (tanora izay tsy fantatrao). Atambaro an-tsoratra ny valiny rehetra.

Ireto fanontaniana ireto ihany koa dia azo ampiasaina hitsapana ny fahalalan'ireo tanoranareo ny lafiny ara-kolotsaina, koa dia mahazoa fahafinaretana amin'ny famantarana momba ny kolotsain'ny tanora Kristiana sy ny tsy Kristiana.

A. Iza no tarika na mpihira tianao indrindra?

B. Inona no sarimihetsika tianao indrindra?

D. Mahafantatra olona mampiasa zava-mahadomelina ve ianao?

E. Mahafantatra olona efa nanao firaisana mialohan'ny fanambadiana ve ianao?

F. Mino an'Andriamanitra ve ianao?

G. Moa ve misy soa toavina tanteraka mamaritra ny tsara sy ratsy ve?

H. Oviana ianao no nandeha farany tany amin'ny toeram-pivavahana? Ohatra: fiangonana, synagoga, moske, sns.

## Boky Filan-kevitra


1. »Why Our Teenagers Leave the Church» (Ny Antony Mahatonga Ny Tanorantsika Mandao Ny Fiangonana.) Roger Dudley. Review & Herald Publishing. 2000. ISBN: 0828014582

2. «Ny Dia Ho Eo Amin'i Kristy» Natao ho an'ny Tanora. Ellen G. White. *"Faith and Acceptance" t. 49-56*. Navoakan'ny Departemantan'ny Asa Fitoriana eo anivon'ny Foibe Manerantany, Silver Springs MD. ISBN: 0828007063

3. «Center for Parent / Youth Understanding»: Tranonkala tsy miankina amin'ny anaram-piangonana sady fikambanana manokana mahafantatra ny kolotsain'ny tanora amin'izao fotoana izao. http://www.cpyu.org; email: cpyu@cpyu.org; address: P.O. Box 414, Elizabethtown, Pennsylvania, 17022; Phone: (717) 361-2469; fax: (717) 361-8964

*Ireo boky ireo dia afaka vidiana avy amin’ny Ivon-toeram-pivarotam-Boky Advantista amin’ny alalan’ny « internet »

Fampidirana Farany Hosaintsainina

Ny asa fanompoana nataon’i Jesosy no ohatra avo indrindra ho an’ny mpitondra am-panahy rehetra. Ny mpitondra ny sampana miadidy ny tanora manokana dia tsy maintsy mifantoka amin’ny asa fanompoana nataon’i Jesosy fony Izy tonga nofo. Izy dia efa niomana hifanosona amin’ny vahoaka, nataony izay ahatsapan’izy ireo fa manan-danja izy, nanomezany ny tenany, nojereny ny zava-bitan’izy ireo, ary nampiany izy ireo tamin’ny tsy fahatanterahany. Izany no tanjon’ny asa fanompoana atao amin’ny tanora, hanampiana azy ireo ho matotra ao amin’i Kristy.

Ny tanora dia tsy hoe «olon-dehibe madinika» fotsiny. (cf.Elkind 1984 :18). Izy ireo dia olon-dehibe manahirana, izay miady amin’ny fiovana lehibe misy eo amin’ny vatany, ny sainy, ary ny fihetsehampony. Ao anatin’ny fotoana hiovany sy hitomboany izy ireo, mivelatra avy amin’ny karazana fahaiza-manao vao miandoha, ho tonga mambra manana ny anjara asany eo amin’ny fiarahamonina sy ny fiangonana. Tokana ihany ny andraikitry ny fiangonana sy ny ray aman-dreny, dia ny hanampy eo anatrehan’izany fivoarana miandalana izany.

Ny tanjon’ny asa fanompoana atao amin’ny tanora dia ny hitondra ny tanora mivantana ho amin’ny fifandraisana amin’Andriamanitra, na dia eo aza ny kolontsain’izao tontolo izao izay mitondra marimaritra iraisana eo amin’izy ireo, ary hanampy azy ireo ho tonga mpandray anjara amin’ilay Iraka Lehibe. (Matio 28:16-20)

## Toko II – Fahasalamana / Fahalalana Onony

Andininy Fitarihan-dàlana

1. « Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra ? Ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo; fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo. » I Korintiana 6 :19-20
2. « Koa amin'izany, na mihinana na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andraiamanitra izany rehetra izany. » I Korintiana 10 :31
3. Mpaniratsira ny divay ary mpitabataba ny toaka, koa izay miraikiraiky azon'izany dia tsy hendry. » Ohabolana 20 :1

FIFOHANA – FISOTROANA - ZAVA-MAHADOMELINA

Taloha ny tanora dia mihevitra fa tena mahafinaritra ny fifohana, izany mantsy no endrika nanehoan'ny olon-dehibe azy. Ny tsy fahaizan'ny tanora mampiasa alikaola sy zava-mahadomelina dia hitarafana ny ohatra tsy mihato maneho ny fampiasana tsy amim-piheverana izay avoakan'ny haino aman-jery, ary vokatry ny famporisihana tsy ankiato atao amin'ny alalan'ny dokam-barotra. Ny tanora izay voagejan'ireo dia tsy manaraka fotsiny ny nataon'ireo olon-dehibe, fa miaina ihany koa eo anivon'ny kolontsaina efa voageja. Mety ho anisan'izany ny fitiavana te ahalala zavatra, ny fanaintainana, ny fitiavana manandrakandrana, ny fikomiana, ary ny hery miasa mangina avy amin'ny namana.

Tao anatin'ny folo taona lasa izay, ny tanora sy ny zaza mitombo manerantany dia nanarapo tamin'ny zava-mahadomelina. Nanjaka be ihany koa ny fifohana ataon'ny tanora. Lasa mahazatra avokoa ny mahita ireo zaza mpirenireny eny an'arabe miaraka amin'ny boatin-dakaoliny, ny pilina kely mandroatra ampiasain'ny «ravers» (mpanatrika ny dihy "rave", izay ahitana

fivarotana zava-mahadomelina), ary ny fanaranampo amin’ny fisotroana alikaola. Hita fa ny fivoaran’izany rehetra izany dia toa avy amin’ny fifohana, ny fisotroana, ary ny zava-mahadomelina malefaka sy mahery. Mitombina ny fanoherana ataon’ny olona sasany manao hoe tsy mitovy amin’izany avokoa ny olon-drehetra ; na izany aza anefa dia antony manana ny lanjany tokoa izy io ho an’ireo olona izay tafiditra amin’ny fampiasana zava-mahadomelina, ary ireo olona izay miara-miasa amin’ny olona voagejan’izany dia mahatsapa tsara ny fiasany. Ny ankabeazan’ny olona voageja dia manomboka amin’ny fifohana, dia miroso ho amin’ny fisotroana tafahoatra, fifohana zava-mahadomelina, ary fampiasana zava-mahadomelina mahery.

Ny fampiasana ny zava-mahadomelina antsoina hoe “methamphetamine” dia nisondrodra aok’izany tany amin’ny firenena rehetra manerana an’i Azia tamin’ny taona 90. Ary rehefa nitotongana ny toe-karena tany amin’ireo faritra natanjaka dia nirongatra indray ny fampiasana zava-mahadomelina. Tany Azia no nanamboarana voalohany ny zava-mahadomelina fototra antsoina hoe «éphédrine»: tarika Japonais mpahay siansa no nahita azy io avy amin’ny zava-maniry nantsoina hoe “Chinese Mao” tamin’ny taona 1892. Tsy mba tahaka ny fahalalana ny fomba fanaovana fanafody, na ny “heroine” izay amboarina avy amin’ny zava-maniry - vokatra mora samba - ny « éphédrine » dia mora amboarina kely ho tonga “methamphetamine”. Izany no mahatonga ny toeram-pamokarana “methamphetamine” mahasarika be. Loharanon-kevitra: South China Morning Post.

Ny fitondrantena amin’ny maha-olombelona dia miseho vokatry ny filàna sy ny fanomezana fahafahampo izany filàna izany. Ny filàntsika dia ara-batana, ara-pihetsehampo, ara-tsaina, ara-tsosialy, ary ara-panahy. Misy ihany koa ilay antanan-tohatr’i Maslow mahakasika ny filàna izay miainga avy amin’ny filàna

mahavelona amin'ny maha-olombelona, mankamin'ny filàna manahirana kokoa, ho amin'ny fitiavana te hanana sy ny fitiavana, ary ny farany dia ny fahatontosana zavatra ara-panahy.

MIATO NY ANKIZY – VALIO ITY FANONTANIANA ITY

- Araka ny hevitrao, nahoana ny ankizy ao amin'ny fiaraha-monina misy anao sy ny fiangonanao no mandray zava-mahadomelina, misotro alikaola, na mifoka sigara ?

Ireo zavatra simika izay mitondra karazan-javatsoa ho an'ny tena sy ny fihetsehampo:

A. Ny siramamy

B. Ny sokola

D. Ny kafeina ao amin'ny kafe, dite, na soda

E. Ny alikaola ao amin'ny divay, labiera, ary ny "liqueur" mahery.

F. Ny nikotina ao anatin'ny sigara, ny sigara, ary ny endriny tsy fohana.

G. Marijuana (www.theantidrug.com)

H. Ireo zava-mahadomelina fohana amin'ny orona (fanadiovan-trano ary ny zavatra vita amin'ny petrola)

I. Ny zava-mahadomelina mampilamin-tsaina (or downers, yellow jacket, phennie, red devil)

J. Ny zavatra manaitaitra (na uppers, speed, meth, bennies)

K. "Narcotique" (heroina avy amin'ny « opium » na kokaina sy crack avy amin'ny "coca")

L. Hallucinogènes (LSD na "acide", PCP na "angel dust", "Ecstasy", na MDMA)

Tokony ampidirintsika ao anatin'io lisitra io ny "steroides", ny zavatra vita amin'ny zava-mahadomelina ao anatin'ny sokajy antsoina hoe "anabolique" (mampatanjaka) sy ny "androgenique" (mampitombo ny hozatra), anisan'izany ny "testosterone" izay

tsiry mpanentana eo amin'ny lehilahy sy ny zavatra azo avy aminy.

## AHOANA NO FOMBA AHAFAHANTSIKA MANAMPY TANORA IRAY IZAY VOAGEJAN'IZANY?

Ny Fomba Mahomby Hirosoana ho amin'izany dia mety ahitana fandaharam-potoana izay manaraka ny Dingana Roambinifolo ho an'ny Kristiana sy ny tanora. Natao hifanakalozan-kevitra ireo dingana ireo. Ny herin'ny boky mitondra ny lohateny hoe "Alcoholics Anonymous" (Mpisotro Alikaola Tsy Mitonona Anarana) sy ny fandaharana izay mifandraika amin'izany dia ny famelany ireo mpisotro alikaola sy izay voafatotra handre ny tantaran'ny hafa. Ilay Boky Lehibe, "Alcoholics Anonymous" dia mirakitra tantara ary izany no hitoeran'ny heriny. Roa ny herin'ny fandaharam-potoana Dingana Roambinifolo: ny finoana an'Andriamanitra na finoana ny Hery Ambony Kokoa, ary fihaikan'ny olona iray ny fahalavoany sy fampaherezana mahery avy amin'ny namana ao anaty tarika izay mifampizara olana ary manana fahavononana hiova. Izany no tena tsiambaratelon'ny asa fitoriana matanjaka atao amin'ny tanora. Ny fandaharam-potoana Dingana Roambinifolo dia mety amin'ny sehatr'izao tontolo izao sy ny Kristiana.  Ny finoana dia mipetraka amin'ny Hery Ambony Kokoa, amin'ny Andriamanitry ny tena manokana, na manokana kokoa noho izany aza, amin'i Jesosy Kristy.

Ahoana no fomba ahafahanao miresaka amin'ny olona izay tsy te hiresahana? Ny vahaolana tokana azonao raisina angamba dia ny fihainoana sy ny fametrahana fetra mazava mahakasika azy. Mila fotoana izany. Mety tsy te hiresaka aminao akory ny olona izay tsy te handre ny toro-hevitrao. Mety ahomby ny resaka atao satria ianao mikarakara, mifantoka tsara, misokatra ary tsy manome tsiny, sady efa niomana. Tadidio fa mety tsy ahomby ianao raha tsy miraraha ilay tanora mihoatra noho ny

fikarakarany ny tenany. Ny toetranao sy ny fombanao dia tsy tokony hitsaratsara be fahatany ary tokony hanaiky ny zava-misy (Romana 2:1 ary Matio 7:1-2). Tokony ho fantatrao ihany koa ireo olana misy sy ny toerana misy io tanora io manokana. Farany, tsy maintsy mivonona ianao miaraka amin'ny fahaizana mihaino tsara sy loharanon-kevitra hanohanana ny hevitrao. Mihoatra noho izany rehetra izany, tokony ho eo hatrany ianao isan'andro rehefa vonona izy, ary vonona hanao fanaraha-maso maharitra ora maro.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Ahoana no fomba ahafahanao maneho amin'ny tanora fa tena mihevitra azy ireo ianao?

Mety hisy fotoana hihaonanao amin'ny tanora iray izay tena tsy mety miresaka aminao mihitsy. Rehefa avy nanao ny ezaka rehetra ianao, dia mety vitao ihany ny nampiresaka azy taminao niaraka tamin'ny namana itay na roa. Safidy iray ny fahatsiarovana fa mandaitra ihany koa ny fomba mihaja indraindray, na izany aza anefa dia mahazo vahana amin'izany matetika ny olon-dehibe mpanararaotra. Indraindray dia misy hetsika karakaraina, tahaka ny dia lavitra mankany amin'ny toeram-pitsaboana na fitsidihana ireo olona ao amin'ny toerana fanorenana, ary azonao atao ny miresaka eny andalana mankany na avy any.
Tsy misy mandeha amin'ny laoniny avokoa ny zava-drehetra miaraka amin'ny olona tianao indraindray.  Tsy maintsy avelanao andeha amin'izany izy. Tokony ho tsapanao ny filàn'ny hafa olona hianteherana. Izany no mitranga rehefa tafiditra lalina amin'ny olan'io olona io ny fiainanao. Aoka anefa ianao hanantena ary ahatsiaro fa ny fitiavana sy ny vavaka ataonao dia mitohy hatrany na dia lavina aza ny fanampiana atolotrao.

BOKY FILAN-KEVITRA

1. Tough Love. Pauline Neff. Abingdon Press. 1996. Nashville, TN. ISBN:0687018250

2. Drug-Proof Your Kids: A Prevention Guide and An Intervention Plan. Focus on the Family Publishing 1989. Colorado Springs. ISBN: 0929608267

3. Drugs, God and Me. Group Publishing. 1988. Loveland Colorado. ISBN:0931529417

4. The Twelve Steps for Christians: Based on Biblical Principles. RPI (revised edition). 1994. ISBN: 0941405575

*Ireo boky ireo dia azo vidiana amin'ny alalan'ny “internet”, avy ao amin'ny toeram-pivarotam-boky Barnes and Nobles.

LOHARANON-KEVITRA AVY AMIN'NY INTERNET

1. www.health.org
2. www.talkingwithkids.org
3. www.tobaccofree.org

LOHAHEVITRA MAHAKASIKA NY SOA TOAVINA EO AMIN'NY RESAKA FIRAISANA ARA-NOFO

TARI-DALANA AVY AMIN'NY SORATRA MASINA

1. (Hoy i Jesosy) “… fa hatramin'ny fony vao nanaovana izao tontolo izao, dia lahy sy vavy no nanaovany ny olona.” Marka 10:6

2. “Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotanarehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany, fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany.” I Korintiana 6:18

Ny fanararaotana ara-nofo sy ny fanolanana dia mampitondra fijaliana sy fahoriana mandritry ny androm-piainana. Tsy mba tahaka ny ankamaroan'ny fahotana, ireo fahotana ireo dia mitondra ratra ara-pihetsehampo lalina sy maharitra.

Izao tontolo izao dia sahiran-tsaina amin'ny karazana fakam-panahy maro izay mamoafady amin'ny resaka firaisana ara-nofo. Ho an'ny tanora izay velona amin'ny taonjato faha-21, dia ireny fakam-panahy ireny no iray amin'ireo fitaovana mahery indrindra ampiasain'i Satana hanambatambazana, hanakiviana, ary hanimbana ny tanora.

Tamin'ny Toriteny nataony tany an-tendrombohitra I Jesosy no nanazava fa ny fahalianana amin'ny firaisana ara-nofo dia resaka miantefa tanteraka amin'ny vady iray ("Ny olona rehetra izay mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga tany am-pony sahady." Matio 5:28) Ny fanambadiana, araka ny voalaza ao amin'ny Marka 10:7-9, dia fanolorantena ataon'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray, natao hifanaraka amin'ny nanovan'Andriamanitra azy hatrany am-piandohana sy ho mandrakizay. Indrisy anefa fa hatry ny taloha dia nisy eritreritra ratsy nivoana avy amin'izany. Nisy fotoana nanomezana sazy manokana ny olona mpanankarena sy ny mahery kanefa nomelohina kosa ny hafa na dia zavatra tsy nety nitovy izao ihany aza no nataony.

Amin'izao fotoana izao amin'ny ankapobeny, ny fileferan'ny vahoaka eto amin'izao tontolo izao ny fanatanterahana ny filàna ara-nofo sy ny fahendrena ara-moraly hanavahana ny tsara sy ny ratsy dia toa mandeha ho azy ary angatahana ny Kristiana mba hilefitra eo anatrehan'ny fironana ho amin'ny firaisana ara-nofo satia hono resaka "ho an'ny isambatan'olona sy anao mangina izany."
Toa sahiran-tsaina momba ny mety sy ny tsy mety ny olon-dehibe sy ny tanora, eo amin'ny resaka firaisana ara-nofo mialohan'ny fanambadiana.

Maherin'ny 100.000 ny ankizy nahazo fampianarana momba ny firaisana ara-nofo antsoina hoe "A Pause", any amin'ny sekoly

Britanika, izay nampiroborobo ny “fihetsika fanakanana” ny firaisana ara-nofo mialohan’ny hirosoana amin’ny tena firaisana ara-nofo. Izany no namporisika ny ankizy latsaky 16 taona hanandrana ny “firaisana ara-nofo amin’ny alalan’ny fampiasana ny vava”, mba hampihenana ny tahan’ny tovovavy bevohoka tsy manambady. Loharanon-kevitra: Glen Owen. *“Government urges under-16’s to experiment with oral sex”. TIMESONLINE. 21 Februoary 2003*

Ny endrika mifanipaka hita eo amin’ny tanora amin’izao fotoana izao, mahakasika ny firaisana ara-nofo, dia maneho ny hafatra mifangaro eo anivon’ny fiaraha-monina, hita amin’ny fahitalavitra, amin’ny gazety boky, amin’ny «internet», ary amin’ny horonan-tsarimihetsika.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Inona no azon’ny fiangonanareo atao hanampiana ny tanora iray hitoetra ho madio am-panahy?

Zava-dehibe ny fananan’ny Amerikana Tavaratra sy ny Eropeana - izany hoe isika rehetra manerana izao tontolo izao – fomba fijery midadasika ireny olana mahazo ny tanorantsika ireny. Ny fivoarana eny an-drenivohitra, ny fanatontoloana sy ny toe-bola miovaova, ny rafitra misy eo amin’ny fianakaviana sy ny soa toavina ara-piarahamonina manerantany, dia samy miova haingana be avokoa. Mamotika ny soa toavina nentim-paharazana sy ny fahaizana mifehy tena ny kolotsaina malaza avy any Mouscou, Tokyo, Beijing, Sydney, Liverpool, Spokane na Rio. Ny ankizy any amin’ny tanàna kely any ambanivohitr’i Kenya dia mijery ny WWF (World, Wrestling Federation) sy ny fandaharana voafantina amin’ny fahitalavitra. Ny faharavan’ny kominisma tany Eropa Atsinanana sy Russie dia nampihena ny fahaizana mifehy tena ary nampisondrotra ny fitiavana filàna ara-nofo teo amin’ny tanora. Azontsika atao ny manao fitetezana manerana izao tontolo izao mba hanazavana ny fomba nampihena hatrany ny fahendrena ara-

moraly tany amin'ny firenena rehetra, andeha kosa anefa isika hitady valiny.

## FOMBA HANAMPIANA NY TANORA HITOETRA HO MADIO AM-PANAHY

Mila fanabeazana be be kokoa ny safidy hanampiana ny tanora hiatrika ireo endrika fakam-panahy isan-karazany ara-piraisana ara-nofo. Ny taranaka ankehitriny dia milaza fa ny taranaka fahiny dia tsy mba nanan-tsaina hihevitra izany mihitsy satria tsy mba nahita izany tamin'ny horonan-tsarimihetsika na namaky ny momba izany tao anaty gazety boky, na nanana namana izay nanandrana izany ary miresaka ny momba izany avy eo. Ny fanabeazana tena izy dia ahitana fifanakalozan-kevitra ataon'ny olona manam-pahaizana amin'izany, any amin'ny toerana mendrika izany, miaraka amin'ny alalana avy amin'ny ray aman-dreny. Tena zava-dehibe ny fandefasana filazana an-taratasy any amin'ny ray aman-dreny mialohan'ny hanaovanao, na olon-kafa misolo tena ny fiangonana iray, na mpampianatra any an-tsekoly, fampianarana ara-pananahana.

Ny manan-danja indrindra anefa dia ny filantsika fampianarana ara-Baiboly momba ny zavatra ambaran'Andriamanitra amintsika momba ny fahadiovam-panahy. Ny fanomezana fitaovana no hanaraka ity fanomezana tari-dalana ity.

## MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Inona no fomba tsara indrindra hampianarana ny tanora ny fahamarinana ara-Baiboly momba ny fahadiovam-panahy eo anivon'ny fiangonana misy anareo?

  Ohatra: manasa manam-pahaizana handaha-teny, mampiasa sarimihetsika, sns.

Andeha ho tadidiantsika fa ny namana sy ny fianakaviana dia mitondra hery miasa mangina amin'ny tanora, noho izany dia ataovy azo antoka hoe voahevitrao ny fomba hampitaovana ireny

olona ireny amin’ny fahamarinana ara-Baiboly momba ny fahalalana ara-pahasalamana.

Zava-dehibe ny fahatsiarovana fa ny fanabeazana ara-moraly mahomby indrindra dia dia avy ao an-trano no miainga voalohany, izay vao any am-piangonana. Tsy mahomby isika raha tsy mihevitra sy mampianatra ny fahadiovam-panahy amin’ny fomba masina, amin’ny maha-mpitondra ara-panahy antsika. Ny tanora dia tena mitady mafy tombotsoa hisaintsainana momba ny karazana fifandraisana ara-batana iray manontolo, tombotsoan’ny tsy firaisana ara-nofo mialohan’ny fanambadiana, fanajana sy fifehezantena rehefa miaraka amin’ny mpanabe mpiahy.

Ny fitsipika ambony indrindra amin’ny Soratra Masina dia afaka hitondra fahendrena ara-tsaina eo anivon’ny fahapotehana ara-pananahana, hampisy fihaikana eo anatrehan’ny fikorontanana sy ny fanerena ara-pananahana, hametraka tari-dalana ho an’ny fanatanterahana ny firaisana ara-nofo, hisoroka ny ratra vokatry ny firaisana ara-nofo, ary hitondra famelankeloka vokatry ny fo sy fanasitranana. Koa satria maro amin’ny “tanorantsika” no efa latsaka tao anatin’ny fakam-panahy eo amin’ny resaka ara-pananahana dia zava-dehibe tokoa ny fampahatsiahivana azy ireny fa manolotra famelankeloka sy tombotsoa fanindroany ho azy i Jesosy. “Raha miaky ny fahotantsika isika dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin’ny tsi-fahamarinana rehetra.” I Jaona 1:9

**BOKY FILAN-KEVITRA**

1. Sex and the Christian Teen. Jim Auer. Liguori Publications. 1994. Liguori, Missori. ISBN: 0892436328
2. True Love Waits. Mark DeVries. Broadman and Holman Publishers. 1997. Nashville, TN. ISBN: 0805463526

*Ireo boky ireo dia azo vidiana any amin’ny fivarotam-boky amin’ny “internet”: Barnes and Nobles Online Bookstore

## LOHARANON-KEVITRA AVY AMIN’NY “INTERNET”

1. www.clubac.com and www.acgreen.com. Tranonkala iray ahitana antony 40 tsy hanaovana firaisana ara-nofo mialohan’ny fanambadiana, avy amin’ny tanora.
2. www.kff.org. Salan’isa sy tahirin-kevitra mob any VIH/SIDA.
3. www.lifeway.com/tlw. True love waits abstinence support information.
4. www.silverringthing.com. Natao ho an’ny tanora ity tranonkala ity. Izy ity ihany koa dia mamporisika ireo izay efa nanao firaisana ara-nofo mialoha, hiverina amin’ny laoniny indray ary Andriamanitra no hanome tombotsoa fanindroany indray.

## FAMARANANA HOSAINTSAININA MOMBA NY FAHASALAMANA

Amin’ny maha-Kristiana Advantista antsika dia manana hafatra ara-pahasalamana miavaka sy mahery manamafy ny resaka sakafo, tara-masoandro, rano, sns, isika. Ilaintsika ankehitriny ny manampy fanamafisana momba ny fitondrantena ara-pahasalamana manimba sy ny tsy fahafahana amin’ny zava-mahadomelina amin’izao taonjato faha-21 izao.
Ireto ny ohatra sasany amin’ireny fihaikana vaovao ara-pahasalamana sy manimba ny tanorantsika ireny:

1. “Steroids” (karazana zava-mahadomelina)
2. Alikaola
3. Firaisana ara-nofo mialohan’ny fanambadiana
4. Sarimihetsika mamoafady
5. Firaisan’ny lahy samy lahy
6. Fahadisoam-panantenana

7. Zava-mahadomelina mahery
8. Fikorontanana eo amin’ny resaka fisakafoanana
9. Fanamboarana ny vatana
10. Paraky
11. Vondrona tanora mpanao asa ratsy
12. Tanora miasa amin’ny resaka firaisana ara-nofo
13. Lalao an-tsarimihetsika/Fahalehibiazana tafahoatra
14. Herisetra ataon’ny tanora
15. Famonoantena
16. Aretina ara-tsaina
17. Asan-devoly
18. Aretina vokatry ny firaisana ara-nofo
19. Tsy fahampian-torimaso
20. Fahantrana
21. Firaisana ara-nofo eo amin’ny samy mpihavana/Fanolanana/Fiarovana ny tena

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Inona no fihaikana ara-pahasalamana telo lehibe indrindra ho an’ny tanoranao?

TOKO III – FIALAMBOLY/HAINO AMAN-JERY
TARI-DALANA AVY AMIN’NY SORATRA MASINA

1. “Farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha-te ho tia na inona

na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera dia hevero izany.” Filipiana 4:8

2. “Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany...” Ohabolana 23:7

NY LITERATIORA, NY HAITAO, NY HORONAN-TSARIMIHETSIKA

Tahaka ny literatiora sy ny haitao rehetra, ny horonan-tsarimihetsika dia mahatondra antsika amin’ny tantara izay tsy antsika akory, mampiditra antsika eo anivon’ny dia izay mihoatra lavitry ny fiainantsika manokana. Rehefa mifarana ny hazavana dia miditra ao anatin’ny tontolo hafa isika. Ary zava-dehibe ny mahatsiaro, araka ny tenin’i Steve Garber “tsy hamela ny saintsika ao anatin’ny efitrano fiasana”, na eo amin’ny milina fijerena sarimihetsika ao an-tokatrano. Rehefa miditra ao anatin’ny tontolon’ny sarimihetsika mantsy isika dia miditra ao anatin’ny tontolo izay noharian’ny olona lavo ny ankabeazany.

Ny haitao tsara – na fandokoana, na literatiora, na mozika, na sarimihetsika, dia misarika ny eritreritra ho amin’ny fahamarinana sy ny fahatsarana. “Farany, ry rahalahy, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha-te-ho-tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany.” Filipiana 4:8

Ny Soratra Masina dia mampitandrina antsika hoe rehefa miaina ao anatin’ny tontolo ahitana olona izay tsy mitovy faharesen-dahatra amintsika isika, dia tsy tokony ho gaga raha to any lainga ka atao mitovitovy amin’ny marina. Andeha tsiahivintika fa izay tompointsika no maneho ny tombambidintsika, ary izay hivelomantsika sy deraintsika hamolavola ny fomba fijerintsika ny fiainana, sy izao tontolo izao. Izany mihitsy no atao hoe fanompoan-tsampy, na Bala izany sampy izany, na

fifandraharahana ara-barotra, na i Hollywood (toerana iray fanaovana horonan-tsarimihetsika). Ny fanompoan-tsampy dia mitaona antsika Kristiana hiala amin'ny tanjona ara-panahintsika izay mbola lavitr'ezaka tokoa. (Fa katsaho aloha ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany...Matio 6:33)

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Miombon-kevitra ve ianao sa tsia hoe ny mozika sy ny horonan-tsarimihetsika amin'ny endriny isan-karazany dia mitondra hery miasa mangina eo amin'ny tanorantsika?
- Ny horonan-tsarimihetsika sa ny mozika no tena mitondra hery miasa mangina be kokoa eo amin'ny tanorantsika?

Mariho ny fomba niampitan'ny hery miasa mangina teo amin'ny resaka fahalalana, nandritry ny taonjato faha-roapolo, araka ny nosoratan'i Craig K.Miller tao anatin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe "PostModerns" (Nashville: Discipleship Ressources. 1996) t.50-51.

A. Tamin'ny taona 1990 dia tamin'ny endrika boky, gazety, ary gazety boky no niampitan'ny fahalalana.

B. Tamin'ny taona 1920-1940 dia tafiditra ho anisan'ny fitaovam-pifandraisana ny onjam-peo, ny rakipeo, ary ny horonan-tsarimihetsika.

Tamin'ny taona 1950 no tonga voalohany tany amin'ny ankabeazan'ny tokatrano Amerikana ny fahitalavitra, ary izany no nanamarika vanim-potoana vaovao teo amin'ny kolotsaina Amerikana/Izao Tontolo Izao.

D. Tamin'ny taona 1960 sy 1970 no noforonina ny karazana fitaovana elektronika tahaka ny horonam-peo sy ny onjampeo maoderina kokoa.

E. Amin'izao fotoana izao indray dia efa misy ny "internet", ny tariby mampifandray, ary ny fahitalavitra raisina avy amin'ny bolan-tany, ahitana fandaharana amin'ny "kanalina" anjatony.

Raha vao enina amibinifolo taona monja ny ankabeazan'ny Amerikana Tavaratra tafiditra ao anatin'ny « baby boomer » (Teraka teo anelanelan'ny taona 1946 sy 1964) dia efa nandany 12.000 ora hatramin'ny 15.000 ora eo ho eo tamin'ny fotoanany hijereny fahitalavitra, araka ny nambaran'i Roof tao anatin'ny boky «Generation of Seekers», t.53

Efa hitantsika an-taonany maro izay, amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitondra tanora antsika, fa tsy tahaka ny nampianarina antsika tamin'ny fahiny hoe tsy ny toerana fijerena sarimihetsika no mampisy ny marimaritra iraisana, fa dia ny zavatra jeren'ny tanorantsika mihitsy.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Miombon-kevitra ve ianao hoe ny fahitalavitra sy ny sarimihetsika dia misy akony lehibe tokoa eo amin'ny tanorantsika?
- Inona no azontsika atao amin'ny maha-mpitondra tanora antsika, hanampiana ny tanora hametraka fefy ny amin'izay zavatra tokony sy tsy tokony hojereny ?

Maro ny mpitondra tanora manerana izao tontolo izao no mino fa ny adim-panahy lehibe eto amin'ity tany ity dia tsy ny adin'ny Aramagedona fa ny ady miseho ao anatin'ny saina. «Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany...» Ohabolana 23:7

BOKY FILAN-KEVITRA

1. Mind over Media: The Power of Making Sound Entertainment Choices. Stan Focus & Randy Southern. Focus on the Family Publishing. Colorado Springs.
Item Code: VL012
2. Raising Media-Wise Teens. Bob Waliszewski & Bob Smithouser. Focus on the Family Publishing. Colorado Springs. Item Code: YC084

*Ireo boky ireo dia azo vidiana any amin’ny toeram-pivarotam-boky amin’ny alalan’ny tranonkalan’ny «Focus on the Family»

LOHARANON-KEVITRA AMIN’NY ALALAN’NY «INTERNET»

1. www.family.org

## TOKO IV – NY MAMPIAVAKA NY OLANA ARA-KOLOTSAINA MISY EO AMIN’NY TANORA ADVANTISTA

### (FIKAROHANA EO ANDALAM-PAMPIVELARANA)

### MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Inona no mampiavaka ny olana ara-kolotsaina misy eo anivon’ny tanora Advantista? Ohatra : ny fitandremana ny Sabata, ny fomba fisakafoanana, ny sarimihetsika, ny firavaka, ny lamaody, ny mozika, sns.

## TOKO V – IZA NO TENA INOAN’NY TANORA ANKEHITRINY TENY INDRINDRA EO AMIN’NY RESAKA SOA TOAVINA?

### SORATRA MASINA FITARIHAN-DALANA

1. “Koa amin’izany dia tsy manan-kalahatra ianao ralehilahy, na zovy na zovy ianao izay mitsara; fa izay hitsaranao ny sasany no anamelohanao ny tenanao koa, fa ianao izay mitsara aza dia mba manao izany ihany koa.” Romana 2:1
2. “Zaro amin’ny lalana tokony alehany ny zaza, fa na dia efa antitra aza izy dia tsy hiala amin’izany.” Ohabolana 22:6
3. “Aza mitsara mba tsy hotsaraina ianareo. Fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo, ary araka ny ohatra ataoanareo no hanoharana anareo.” Matio 7:1-2

Ny fitarihana tanora ao anatin’ny taonan’ny fahatanorany dia fanandramana sarotra tokoa ary iray amin’ireo zavatra izay tena

sarotra tokoa ho an’ny ankabeazan’ny ray aman-dreny sy ny mpitondra tanora. Amin’ny ankabeazan’ny resaka fifanajana rehetra, ny toerana misy ny tanora dia miha-mametraka fihaikana hatrany isan-taona. Mitombo be aok’izany ny famonoantena ataon’ny tanora, ka izany izao no antony faharoa mahatonga ny fahafatesan’ny olana eo anelanelan’ny 14 sy 20 taona. Ny fampiasana zava-mahadomelina, ny heloka be vava ataon’ny tanora, ny vohoka eo amin’ny tovovavy tsy manam-bady, ny areti-mifindra amin’ny alalan’ny firaisana ara-nofo, ary ny fahatsapana fahakiviana, no tena maro raha ny salan’isa no jerena.

Fa inona no olana? Nahoana moa no hitantsika ho lasa be marimaritra iraisana eo amin’ny tanoran’izao tontolo izao tao anatin’ny 20 taona?

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Araka ny hevitrao, nahoana ny tanora ao anatin’izao taonjato faha-21 izao no be marimaritra iraisana?

Heveriko fa miombon-kevitra avokoa isika rehetra fa amin’ny fiafaran’ity tany ity dia ahita an’i Satana isika, manafika eny amin’ny sehatra rehetra eny. Nifantoka tamin’ny fanafihana vaovao maro izay noforoniny izy, ary ny «tanorantsika» no tanjony amin’izany.

Tsy hisalasalana fa maro ny fandaharam-potoanan’ny fiangonana sy ny isambatan’olona, toy ny pasitora, ny mpampianatra, ary ny mpanazatra, izay manana akony tsara eo amin’ny tanorantsika, kanefa tokana ny rafitra voaosotr’Andriamanitra izay napetraka hatramin’ny fiandohan’ity tany ity, dia ny hanampiana ny tanorantsika hitombo ho tonga olon-dehibe Kristiana matanjaka. Ny tokatrano izany. Ny loharano voalohany indrindra ahaozana

fanohanana ara-panahy ho an'ny «tanorantsika» dia ny ray aman-dreniny.

Eto indray isika dia mahita fa ilay Mpifanandrina dia maniry fatratra ny hanimba io rafitra napetrak'Andriamanitra io. Maro amin'ny tanorantsika no tonga eo anatrehantsika, avy amin'ny tokatrano izay ahitana ray na reny fotsiny ihany. Tsikaritra ihany koa fa maro ny ray aman-dreny izay tsy nahazo fihofanana (fitaovana) hahaizana mifandray amin'ny tanorany. Ny ankabeazan'ny ray aman-dreny dia diso hevitra ny amin'ny atao hoe tanora, sy izay zavatra andrasany avy amin'ny tanorany.

Na dia tena tia ny tanorany aza ny ankabeazan'ny ray aman-dreny dia tsy hainy ny mampita izany fitiavana izany amin'ny alalan'ny fomba izay ahatsapan'ny tanora hoe tiana izy ary ekena amin'ny maha-izy azy.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Miombon-kevitra ve ianao sa tsia hoe ny tokatrano no toeram-pianarana fototra izay handraisan'ny tanora fihofanana mahakasika ny fitafiana tokony ho izy, ny fialamboly, ny fiarahana amin'ny olon-tiana, ary ny fanambadiana?
- Miombon-kevitra ve ianao sa tsia hoe ny fiangonana dia mila manao asa tsara kokoa hanabeazana, hanoroana hevitra, ary hanofanana ny ray aman-dreny kristiana hahomby kokoa eo amin'ny fahatakarana sy fifandraisana amin'ny tanorany ao anatin'ny taonjato faha-21, sy ny vesatra rehetra isay atrehin'izy ireo?

Iray amin'ireo hadisoana mahazatra indrindra fanaon'ny ray aman-dreny, ny mpampianatra, ary ny hafa, amin'ny tanora, ny fiheverany azy ireny ho olon-dehibe tanora. Maro ny olona

mpifehy tanora no manao tsinontsinona ny filàn’ny tanora tahaka ny filàn’ny zaza fitiavana sy fanekena azy ireo, filàny fikarakarana, ary famantarana fa tena misy olona mihevitra azy tokoa.

Marobe aok’izany ny tanora amin’izao fotoana izao no mahatsapa fa tsy dia tena misy olona mihevitra azy mihitsy. Miasa hatrany ny ray aman-drenin’izy ireny, ny pasitora sy ny mpampianatry ny Sekoly Sabata dia tsy mahatsikaritra akory rehefa tsy ao am-piangonana izy ireo. Vokatr’izany dia maro amin’izy ireny no mahatsapa ho tsy mendrika, tsy manam-panantenana, tsy misy mpanampy, tsy mahatsapa ny tombambidin’ny tenany, ary tsy faly amin’ny tenany. Maro, fa tsy ny tanora rehetra no mijery ny tenany amin’ny lafiny ratsy, ho toy ny tsy ankasitrahana sy tsy mendrika. Ny fomba fihevitra ny tena tahaka izany dia vokatra miseho ho azy amin’ny tanora izay tsy mahatsapa fitiavana sy fikarakarana mifanaraka amin’ny tokony ho izy.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Raha itodihana ny fahatanoranao dia resaho ny amin’ny fotoana nahatsapanao ho tsy nanakasitrahana sy tsy nanana tombambidy.
- Ivereno jerena ny fotoanan’ny fahatanoranao, ary lazao ny amin’ireo olona nanao izay nahatsapanao ho tena tiana sy nankasitrahana.

NY TOKATRANO

Ny andraikitra voalohany sahanin’ny ray aman-dreny dia ny hanolotra tokatrano be fitiavana sy fahasambarana. Ny fifandraisana tsara indrindra ao an-tokatrano dia ny fifamatorana ara-panambadiana, ary izany no loha-laharana eo amin’ny fifandraisan’ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Ny

fiarovana ny tanora sy ny endriky ny fifandraisana misy eo amin’ny ray aman-dreny sy ny zanaka dia miankina be tokoa amin’ny endriky ny fifamatorana misy eo amin’ny fanambadiana.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Hitanao ve ny maha-zava-dehibe ny fifandraisana voaro misy eo amin’ny mpivady ?
- Inona no azontsika atao amin’ny maha-fiangonana antsika, hanamafisana orina ny mariazy?

FITIAVANA TSY MISY FEPETRA

Ny fototry ny fifandraisana mafy orina amin’ny tanoranao dia ny fitiavana tsy misy fepetra. Ny fitiavana tsy misy fepetra irery ihany no misoroka ny olana toy ny fahatsapana ho marefo, meloka, matahotra, na fahatsapana ho tsy misy ilàna ny tena.

Raha tsy misy fitiavana tsy misy fepetra, ny fitaizan’ny ray aman-dreny (na ny fitariahana eo anivon’ny tanora) dia tonga vesatra mitondra fifangaroana sy horohoro. Izany fitiavana izany no tonga jiro mitari-dalana miaraka amin’ny Fanahy Masina, maneho anao ny toerana misy anao eo amin’ny fiarahana amin’ny tanora, sy ny zavatra tokony ataonao manaraka hanampiana azy ireo mandritry ny dia lavitra ara-panahy izay ataony.

Inona no atao hoe fitiavana tsy misy fepetra? Izany dia midika fa ho tianao hatrany ny tanoranao n’inon’inona mitranga. Na manao ahoana na manao ahoana endriny, na manao ahoana na manao ahoana fari-pananany, na tsy fahatomombanany ara-batana, na manao ahoana na manao ahoana fihetsiny.

Izany dia tsy midika hoe tsy maintsy tiavinao ny fitondrantenany rehetra. Ny fitiavana tsy misy fepetra dia

midika fa tianao ilay tanora, eny fa na dia tsy tianao aza ny fitondrantenany.

Ny Soratra Masina dia mampianatra antsika mba hitia ny mpanota, fa kosa hankahala ny fahotana.

Raha toa ka rehefa manao izay ahafaly anao ihany ny zanakao vao tianao, dia izany no fitiavana misy fepetra. Izany karazana fitiavana izany no hanorina eo amin'ilay tanora, fahatsapana ho tsy voaro, fisalasalana ny amin'ny tenany, ary izany dia mamotika ny endriky ny tenany. Izany fomba fitiavana izany no hanakana azy ireo tsy hivealatra ho amin'ny fitondrantena matotra kokoa. Andeha ary tsiahivintsika ny fa ny fivelaran'ny fitondrantenan'izy ireo dia andraikitra lehibe izay sady azy no antsika.

«Tia ahy ve ianao?» Izany no fanontaniana manan-danja indrindra izay mipetraka ao an-satin'ny tanorantsika amin'izao fotoana izao. Metyhametraka izany fanontaniana izany amin'ny feo mafy izy ireo, na ao an-sataina fotsiny ihany, kanefa ataovy azo antoka fa isan'andro izy no te ahazo ny valin'izany fanontaniana izany. Izany no fanontaniana manan-danja indrindra eo amin'ny fiainan'ny tanora iray. Tsarovy fa amin'ny alalan'ny fitondrantenany no ametrahany izany fanontaniana izany voalohany fa tsy amin'ny teny.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Manomeza ohatra momba ny fomba nametrahan'ny tanora taminao ny fanontaniana hoe: «Tia ahy ve ianao?»

FIFANTOHANA EO AMIN'NY FAHALIANANA

Mila fotoana, ary fotoana betsaka, iarahana amin'ny tanora, hanolorana azy ny fifantohana eo amin'ny fahalianana ilaina

hitomboana ao amin’ny Tompo. Ny fifantohana eo amin’ny fahalianana dia midika ho fanolorana tanteraka ho an’ny tanoranao, fahalianana tsy mizarazara, amin’ny fomba ahatsapany fa tena tiana tokoa izy. Tena zava-dehibe izany rehefa miatrika ny «olana kely» sy ny «olana lehibe» eo amin’ny fiainany izy ireo. Raha toa ianao ka manokana fotoana hiresahana momba ny «olana lehibe» misy eo amin’izy ireo, dia hanana tombotsoa ianao iresahana momba ny «zava-dehibe mampanahy» anao.

Valio ho an’ny tenanao manokana ity fanontaniana ity. Oviana no fotoana farany nanokananao fotoana hifantohana amin’ny iray amin’ireo zanakao nandritry ny ora iray, 30 minitra, na 10 minitra?

Ny fifampibanjinana sy ny fifandraisana ara-batana dia zava-dehibe. Hanampiana ny tanorantsika hiatrika ny hery miasa mangina ratsy rehetra eto amin’ity izao tontolo izao ity dia tsy maintsy atao tsapany ny fitiavana tsy misy fepetra. Iray amin’ireo antony voalohany mahatonga ny ray aman-dreny be fitiavana sy ny mpitondra tanora tsy mahomby eo amin’ny fampitany ny fitiavana tsy misy fepetra, ny tsy fahampian’ny fifampibanjinana. Na tsy tsapanao akory aza, ny fifampibanjinana dia ampiasainao hanehoana fihetsehampo maro toy ny alahelo, hatezerana, fankahalana, fitserana, fisafoahana, ary fitiavana.

Ny fifandraisana ara-batana dia fomba iray hanehoana ny fitiavana sy ny fanekena amin’ny maha-izy azy ny olona iray. Ny olana amin’ny ankamaroan’ny ray aman-dreny maro be fitiavana sy ny mpitondra tanora dia ny fahasahiranany eo amin’ny fomba hanolorana izany filàna izany.

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Inona no atao hoe fifandraisana ara-batana tena mety, ho an'ny mpitondra tanora iray?

FAMARANANA

Ny tena faniriantsika lalina dia ny ahita ny «zanatsika» any an-danitra. Te ahita ny tanorantsika hitombo isika, ho tonga olon-dehibe matanjaka, salama, sambatra, ary mahaleotena ao amin'ny Tompo. Ny tanora amin'izao fotoana izao dia mila tokatrano matanjaka hanampy azy hiatrika ireo olana ara-kolotsaina eto amin'izao tontolo izao. Andeha isika hanohana ny fanorenana ray aman-dreny kristiana, amim-bavaka sy an-kasa.

TOKO VI – NY ZAVATRA METY IZAY ATAON'NY FIANGONANA ADVANTISTA HO AN'NY TANORA ANKEHITRINY

(FIKAROHANA EO ANDALAM-PAMPIVELARANA)

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY FANONTANIANA

- Inona no zavatra mety izay ataonao sy/na ny fiangonanao, hanampiana ny tanora hitombo ao amin'i Jesosy? Lazao ny zavatra telo voalohany.

TOKO VII - INONA NO FIHAIKANA ATREHAN'NY SAMPANA TANORA AMIN'NY HO AVY EO ANIVON'NY FIANGONANA ADVANTISTA?

(FIKAROHANA ANDALAM-PAMPIVELARANA)

MIATO NY MPIANATRA – MAMALY IRETO FANONTANIANA IRETO

- Raha mibanjina ny telo hatramin'ny dimy taona ho avy ianao (raha mbola taraiky ny fihavian'i Jesosy) dia

inona, araka ny omba fijerinao, no fihaikana hatrehan'ny sampana "tanorantsika"?

- Jereo ary ireo fihaikana mety hitranga ireo, ary resaho ny fomba ahafahantsika manohana amim-pahombiazana kokoa ny "tanorantsika" mba hitombo ara-panahy.